

Event      Programme d'Activités (PoA) pour une cuisson propre à l'eau propre  
 Date      23/10/2023 : 8H00-13H00  
 Location   Hôtel Ibis - Antananarivo

Reference	Name of contributor	Date of feedback	Original Feedback	Original Feedback translated into English	SaniTap Response in English	SaniTap Response translated into original Malagasy	How has feedback resulted in a change to the project
1	RASAMOELINA Hanitra Patricia	20/11/2023	Tena mahatsara mihintsy ny fision'ny tetikasa satria miompana amin'ny famatsiana rano madio sy fandrahoantsakafo madio sy miantoka bebe kokoa amin'ny fahasalamana Dia misy ny fahaverezan'ny asa fivelomana amin'ny asa izay manimba ny tontolo iainana,	The existence of the project is very good because it focuses on providing clean water and cooking clean food and ensures more health.  Then there is the loss of livelihood from work that destroys the environment,	Thank you for your feedback. We recognise there will be loss of environmentally destructive livelihoods, but this will be balanced by new livelihoods created by the Project including new outgrower schemes.	Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao. Marina fa hisy ny fahaverezan'ny fivelomana manimba ny tontolo iainana, fa ho voaharina izany satria hisy ny fivelomana vaovao hoforonin'ny Tetikasa anisan'izany ny tetikasa vaovao ho an'ny mpamboly.	No changes to the PoA required as a result of this feedback.
2	RAFALIMANANA Ndimbisoa Patricia	21/11/2023	Misaotra anareo ny amin'ny fampanantenana ny fiarahana miasa amin'ny vondrom-piarahamonina sy ireo izay mandray anjara mifandraika amin'izany Indrindra ao anatin'ny 5 taona farany amin'ny tetikasa mba hiantohana vahaolana maharitra	Thank you for your commitment to working with the community and those involved. Especially in the last 5 years of the project to ensure a sustainable solution	Thank you for your feedback. We seek active involvement by the communities and to ensure long term sustainability, especially in the last 5 years of the project to ensure continuity.	Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao. Mitady fandrainan'anjara mavitrika avy amin'ny vondrom-piarahamonina izahay mba hiantohana ny faharetana maharitra, indrindra fa ao anatin'ny 5 taona farany hanaovana ny tetikasa mba hiantohana ny fitohizana.	No changes to the PoA required as a result of this feedback.
3	RASOANAIVO Felana	20/11/2023	Ny tetikasa dia mifantoka amin'ny fanamboarana sy ny fikojakojana ny foto-draftrasa manome rano fisotro izay simba any amin'ny kaominina ambanivohitra  Ny tetikasa dia hahomby raha aparitaka erakin'ny faritra, ary atao mba ho takatr'ireo vondrom-piarahamonina  Ny tetikasa ihany koa mikasa ny hanala ny olan'ny fahafahan'ny olona manana fahasembanana, ny olona	The project focuses on the repair and maintenance of broken drinking water infrastructure in rural municipalities. The project will be successful if it is spread throughout the region, and is made to be understood by the communities  The project also aims to eliminate the problem of the accessibility of people with disabilities, vulnerable people, both men and women.	We agree.	Tena marina izany.	No changes to the PoA required as a result of this feedback.
4	RAKOTOARIVELO Vonintsoa Noro Sahondra	21/11/2023	Atao ahoana ny fomba hambolena ny bambou aty an-drenivohitra  Mety misy anjara ho an'ny sembana ve ny amin'ny fangalana rano fisotro madio  Mety misy asa ho an'ny olona ve ny fanamboarana ilay charbon granulé?	How to plant bamboo in the capital ?  Can there be a role for the disabled in getting clean drinking water?  Can there be a job for people to produce the biomass pellets ?	Thank you for your feedback.  Our projects are not expected to be operating in the capital. All biomass (bamboo or otherwise) will come from sustainable sources.  We employ people without discrimination and hope that people will apply for available jobs whether in our pelletisation facility, distribution, offices, water repair services or otherwise.	Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao.  Tsy natao hiasa eto an-drenivohitra ny tetikasanay. Ny biomasy rehetra (bamboo na hafa) dia avy amin'ny loharano maharitra.  Mampiasa olona tsy misy fanavakavahana izahay ary manantena fa hisy olona hangataka asa azo atao, na ao amin'ny toeram-pamokarana, fitsinjarana, asa birao, serivisy fanamboarana rano na sehatra hafa.	No changes to the PoA required as a result of this feedback.
5	RAKOTOMALALA Miavotravelo	21/11/2023	Mahafinaritra ny fifanankalozan-kevitra satria mahatonga fivoarana eto @ firenena  Azo atao tsara ny manangana ity foto-draftr'asa ity eto Madagasikara	It is good to exchange information because it makes progress in this country.  It is possible to build this project in Madagascar.	Thank you for your feedback.  Our first clean cooking and first clean water projects will be in Madagascar.	Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao.  Eto Madagasikara no hanombohanay ny tetikasa fandrahoan-tsakafo madio sy rano madio voalohany.	No changes to the PoA required as a result of this feedback.

6	RATSIMBASON Robel Fanjalalao	17/11/2023	<p>Mila olona fa tsy mahaleo rehefa mila rano idiovina sy hikarakarana ka vitsy no manana rano mahaleotena ao an-trano fa matetika any amin'ny pompy public daholo nefo lafo ny vidiny, tsaratsara kokoa raha eo antokotany, Ampianarina ve ny fampiasana azy? Ny sarababem-bahoaka ve afaka misitraka azy eo amin'ny fahafaha mividy?</p> <p>Inona ny ankon'ny ilay projet ho an'ny olona manana fahasembanana</p>	<p>We need people to help us because we are not independent when we need water to be cleaned and taken care of at home, so few people have independent water at home, usually they all go to the public pump, but the price is high. Then it is better if it is in the yard.</p> <p>Is it taught to use it ?</p> <p>Can the general public enjoy it in terms of ability to pay ?</p> <p>What is the result of the project for people with disabilities?</p>	<p>Thank you for your feedback.</p> <p>We aim to ensure our clean cooking and clean water Projects are available to people with or without disabilities without discrimination.</p> <p>Our Project does not currently expect to be supplying new piped water systems into homes though we can understand the need and desire for this. The PoA does not exclude the repair and maintenance of piped water systems, and these will be considered on a case by case basis.</p>	<p>Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao.</p> <p>Ny tanjonay dia ny hiantoka ny Tetikasa fandrahoan-tsakafo madio sy ny rano madio ho an'ny olona rehetra na manana fahasembanana na tsy manana fahasembanana tsy misy fanavakavahana.</p> <p>Raha amin'izao fotoana izao aloha ny tetikasa dia tsy manao fantsona vaovao hamatsiana rano an-trano na dia tsapa tokoa aza ny ny filàna sy ny faniriana amin'izany. Ny tetikasa dia tsy manala ny fanamboarana sy ny fikojakojana ny fantsona ahazahoana rano, ary izany dia dinihina sy jerena isaky ny tranga tsirairay misy.</p>	No changes to the PoA required as a result of this feedback.
7	RASAMOELIMALALA Violette Gaby	17/11/2023	<p>Eo amin'ny rano madio:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-Sitrako tokoa raha eo an-tokotany mihintsy ny rano satria izaho izao dia mana-karama (100 ar ny bidon, 300ar ny karama) matsaka satira tsy mahazaka bidon na seau, satria aho manana fahasembanana.</li> <li>-Indraindray anefa tsy misy vola.</li> </ul> <p>Eo amin'ny carbone:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-Mila fampianarana ny fampiasana azy</li> <li>-Ny olona rehetra ve afaka misitraka azy?</li> </ul> <p>Mety amiko tsara ny mampiasa raha afaka misitraka izany aho.</p>	<p>For clean water :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- I would really like if the water is in the yard because actually I pay someone to fetch water (100 Ar for a water can, 300 Ar for the salary) because I can't handle a can or a bucket, because I am disabled.</li> </ul> <p>And sometimes there is no money.</p> <p>For carbon :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-We need instruction on how to use it</li> <li>- Can everyone benefit from it ?</li> </ul> <p>It's fine for me to use it if I can enjoy it.</p>	<p>Thank you for your feedback.</p> <p>We aim to ensure our clean cooking and clean water Projects are available to people with or without disabilities without discrimination.</p> <p>Our Project does not currently expect to be supplying new piped water systems into homes though we can understand the need and desire for this. The PoA does not exclude the repair and maintenance of piped water systems, and these will be considered on a case by case basis.</p> <p>The carbon emission reductions achieved as a result of the application of the clean water or clean cooking technologies the ownership of the mitigation outcomes must be transferred to SaniTap. This is a precondition of the project as the sale of issued emission reductions funds the project.</p>	<p>Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao.</p> <p>Ny tanjonay dia ny hiantoka ny Tetikasa fandrahoan-tsakafo madio sy ny rano madio ho an'ny olona rehetra na manana fahasembanana na tsy manana fahasembanana tsy misy fanavakavahana.</p> <p>Raha amin'izao fotoana izao aloha ny tetikasa dia tsy manao fantsona vaovao hamatsiana rano an-trano na dia tsapa tokoa aza ny ny filàna sy ny faniriana amin'izany. Ny tetikasa dia tsy manala ny fanamboarana sy ny fikojakojana ny fantsona ahazahoana rano, ary izany dia dinihina sy jerena isaky ny tranga tsirairay misy.</p> <p>Ny fampihenana ny entona karbônia dia vokatry ny fampiharana ny teknolojia ny rano madio na ny teknolojia fandrahoan-tsakafo madio, ka tsy maintsy afindra any amin'ny SaniTap ny vokatra azo amin'izany fanalefahana izany. Izany dia fepetra hapetraka mialoha ny tetikasa satria ny fivarotana ny fihenan' ny entona mivoaka dia mamatsy vola ny tetikasa.</p>	No changes to the PoA required as a result of this feedback.
8	SITRAKINIAINA	17/11/2023	<p>Raha ny olako manokana dia tsy mahazaka bidon raha maka rano fa mila tonga eo antokotany sady lafo ny vidin'ny rano sy mampaka azy.</p> <p>Momba ny "cuisine propre" dia mila miaraka ny fampiasana azy,</p> <p>Ny olona rehetra ve afaka mampiasa azy ary takatra ny olon-drehetra ve ny vidiny?</p> <p>Tsara raha aparitaka ny fampiasana ilay carbone mba ho vitsy ny olona manimba sy manapaka ny ala.</p> <p>Tena ilaina mihitsy ny fampiasana azy mba banana fahadiovana amin'ny fandrahoana sy fikarakarana sakafo.</p>	<p>As for my personal problem, I can't carry a water can. It need to have it in the yard. In addition, the price of water and the salary to fetch it are so expensive.</p> <p>About "clean cooking" it needs to be used together.</p> <p>Can everyone use it and is the price affordable ?</p> <p>It is good if the use of the carbon is spread so fewer people destroy and cut down the forest.</p> <p>It is very important to use it to have cleanliness in cooking and food preparation.</p>	<p>Thank you for your feedback.</p> <p>We aim to ensure our clean cooking and clean water Projects are available to people with or without disabilities without discrimination.</p> <p>Our Project does not currently expect to be supplying new piped water systems into homes though we can understand the need and desire for this. The PoA does not exclude the repair and maintenance of piped water systems, and these will be considered on a case by case basis.</p> <p>Our aim is to ensure all clean cooking Projects are affordable and available to people within the boundaries of the project.</p>	<p>Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao.</p> <p>Ny tanjonay dia ny hiantoka ny Tetikasa fandrahoan-tsakafo madio sy ny rano madio ho an'ny olona rehetra na manana fahasembanana na tsy manana fahasembanana tsy misy fanavakavahana.</p> <p>Raha amin'izao fotoana izao aloha ny tetikasa dia tsy manao fantsona vaovao hamatsiana rano an-trano na dia tsapa tokoa aza ny ny filàna sy ny faniriana amin'izany. Ny tetikasa dia tsy manala ny fanamboarana sy ny fikojakojana ny fantsona hazahoana rano, ary izany dia dinihina sy jerena isaky ny tranga tsirairay misy.</p> <p>Ny tanjonay dia ny hiantoka ny Tetik'asa fandrahoan-tsakafo madio rehetra mba ho mora vidy sy ho takatry ny olona ao anatin'ny farity hanaovana ny tetikasa.</p>	No changes to the PoA required as a result of this feedback.

9	RAKOTONAINA Lovasoa Nomenjanahary Mbolatiana	17/11/2023	<p>Olana: raha amiko manokana dia somary sarotra satria rehefa tsy misy olona afaka irahina dia babeko ao anaty sakosy ny tavoangy maromaro izay zakako amin'ny idiovana sy hikarakarana sakafo sy ny sisa.</p> <p>Sosokevitra: Ny amin'ny le tetikasa carbone, mety afaka mampianatra amin'ny fampiasana ary ve ianareo ary ny olona rehetra ve afaka mampiasa azy? ary ny vidiny ve takatrin'ny rehetra?</p> <p>Misaotra betsaka tomponko fa mahafinaritra ny tetikasa</p>	<p>Problem : for me personally, it's a bit difficult because when no one can be sent to get water, I put several bottles in the bag that I can handle for cleaning and preparing food and so on.</p> <p>Suggestion : Regarding the carbon project, can you teach how to use it and can everyone use it ? And is the price affordable for everyone ?</p> <p>Thank you very much, the project is wonderful !</p>	<p>Thank you for your feedback.</p> <p>We aim to ensure our clean cooking and clean water Projects are available to people with or without disabilities without discrimination.</p> <p>Our Project does not currently expect to be supplying new piped water systems into homes though we can understand the need and desire for this. The PoA does not exclude the repair and maintenance of piped water systems, and these will be considered on a case by case basis.</p> <p>Our aim is to ensure all clean cooking Projects are affordable and available to people within the boundaries of the project.</p>	<p>Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao.</p> <p>Ny tanjonay dia ny hiantoka ny Tetikasa fandrahoan-tsakafo madio sy ny rano madio ho an'ny olona rehetra na manana fahasembanana na tsy manana fahasembanana tsy misy fanavakahana.</p> <p>Raha amin'izao fotoana izao aloha ny tetikasa dia tsy manao fantsona vaovao hamatsiana rano an-trano na dia tsapa tokoa aza ny filàna sy ny faniriana amin'izany. Ny tetikasa dia tsy manala ny fanamboarana sy ny fikojakojana ny fantsona hazahoana rano, ary izany dia dinihina sy jerena isaky ny tranga tsirairay misy.</p> <p>Ny tanjonay dia ny hiantoka ny Tetik'asa fandrahoan-tsakafo madio rehetra mba ho mora vidy sy ho takatry ny olona ao anatin'ny faritry hanaovana ny tetikasa.</p>	No changes to the PoA required as a result of this feedback.
10	RAZAFINDRAMARO Solo Fanjatiana Lea	17/11/2023	<p>Tena ilaina ary mahasoa indrindra ho anay olona manana fahasembanana ny projet.</p> <p>Ho ahy manokana tena sahirana eo amin'ny fanganana rano satria lavitra ny pompy ary lafo ny vidin'ny rano sy ny karaman'ny mpantsaka, ny lalana malama.</p> <p>Ny hetahetako dia mba ny hisian'ny rano tonga ao antokatranon'ny manana fahasembanana.</p> <p>Ho an'ilay carbone fandrehitra, afaka mampianatra ny fomba fampiasa azy ve ianareo?</p> <p>Mey amin'ny olona rehetra ve ilay izy raha ho anay olona jamba izay mahandro samirery ny sakafony.</p> <p>Mba irinay ny hisian'ny asa ho an'ny olona manana fahasembanana amin'ny ilay projet.</p>	<p>The project is very useful and especially for us, people with disabilities.</p> <p>For me personally, it is very difficult to get water because the pump is far away and the price of water and the wages of fairground workers are high, the road is slippery.</p> <p>My wish is that water reaches the homes of people with disabilities.</p> <p>For the charcoal for cooking, can you learn how to use it ?</p> <p>Is it suitable for everyone, especially for us blind people who cook our own food ?</p> <p>We want to create jobs for people with disabilities in the project.</p>	<p>Thank you for your feedback.</p> <p>We aim to ensure our clean cooking and clean water Projects are available to people with or without disabilities without discrimination.</p> <p>Our Project does not currently expect to be supplying new piped water systems into homes though we can understand the need and desire for this. The PoA does not exclude the repair and maintenance of piped water systems, and these will be considered on a case by case basis.</p> <p>Our aim is to ensure all clean cooking Projects are affordable and available to people within the boundaries of the project.</p> <p>Furthermore we will provide training on the use of stoves to all users and will aim to provide additional support all those with disabilities to ensure safe and effective operation of the clean cooking technologies.</p> <p>We employ people without discrimination and hope that people will apply for available jobs whether in our pelletisation facility, distribution, offices, water repair services or otherwise.</p>	<p>Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao.</p> <p>Ny tanjonay dia ny hiantoka ny Tetikasa fandrahoan-tsakafo madio sy ny rano madio ho an'ny olona rehetra na manana fahasembanana na tsy manana fahasembanana tsy misy fanavakahana.</p> <p>Raha amin'izao fotoana izao aloha ny tetikasa dia tsy manao fantsona vaovao hamatsiana rano an-trano na dia tsapa tokoa aza ny filàna sy ny faniriana amin'izany. Ny tetikasa dia tsy manala ny fanamboarana sy ny fikojakojana ny fantsona hazahoana rano, ary izany dia dinihina sy jerena isaky ny tranga tsirairay misy.</p> <p>Ny tanjonay dia ny hiantoka ny Tetik'asa fandrahoan-tsakafo madio rehetra mba ho mora vidy sy ho takatry ny olona ao anatin'ny faritry hanaovana ny tetikasa.</p> <p>Ankoatr'izay dia hanome fiofanana momba ny fampiasana fatana ho an'ny mpampiasa rehetra izahay ary mikendry ny hanome fanampiana fanampiny ho an'ireo manana fahasembanana rehetra mba hiantohana ny fampandehanana azo antoka sy mahomby amin'ny teknolojia fandrahoana madio.</p> <p>Mampiasa olona tsy misy fanavakahana izahay ary manantena fa hisy olona hangataka asa azo atao, na ao amin'ny toeram-pamokarana, fitsinjarana, asa birao, serivisy fanamboarana rano na sehatra hafa.</p>	No changes to the PoA required as a result of this feedback.
11	RAZAFIARISOA Fanja Nirina	17/11/2023	<p>Mila olona fa tsy mahaleo tena rehefa maka rano idiovana sy hikarakarana ny ao antokatrano.</p> <p>Matetika any amin'ny pompy no maka rano ary vidina 100ar ny rano iray bidon.</p> <p>Mangataka izahay manana fahasembanana mba ahazo rano fisotro madio eo antokotany tsirairay.</p> <p>Etsy andaniny ny charbon izay ampiasain'ny isam-batan'olona dia miteraka fahalotoan'ny tontolo iainana, ka mila mampiasa fatana mateha amin'ny heriny solika, ohatra: soli-tany.</p>	<p>We need people because we are not independent when it comes to finding water to wash and take care of the house.</p> <p>Generally, we get water from public pumps and a container of water costs 100 ar.</p> <p>We, disabled people, ask to have drinking water in the yard.</p> <p>On the other hand, the charcoal used by individuals causes environmental pollution, so it is necessary to use fuel stoves, for example : kerosene.</p>	<p>Thank you for your feedback.</p> <p>We hope that our Projects will improve the lives of people with our without disabilities.</p>	<p>Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao.</p> <p>Manantena izahay fa ny tetikasa dia hanatsara ny fainan'ny olona na manana fahasembanana na tsy manana fahasembanana.</p>	No changes to the PoA required as a result of this feedback.

12	VOOLONIRINA Noronihasina Francisca	17/11/2023	Mila olona fa tsy mahaleo tena, rehefa mila rano idiovana sy hikarakarana tokan-trano satria izaho mana-karama olona matsaka amin'ny bidon, 300Ar ny karama, indraindray anefa tsy mist vola. Eo amin'ny carbone: -Mila fanampiana ny fampiasana azy -Ny olona rehetra ve afaka misitraka azy? -Mety amiko tsara ny mampiasa raha mety misitraka izay aho	We need people, because we are not independent, when we need water to be cleaned and to take care of a house. I pay someone to fetch drink water, the salary is 300 Ar, and sometimes I don't have enough money. About carbon : -It needs help to use it - Can everyone benefit from it? - It is good for me to use if I can enjoy it	Thank you for your feedback. We aim to ensure our clean cooking and clean water Projects are available to people with or without disabilities without discrimination. The carbon emission reductions achieved as a result of the application of the clean water or clean cooking technologies the ownership of the mitigation outcomes must be transferred to SaniTap. This is a precondition of the project as the sale of issued emission reductions funds the project.	Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao. Ny tanjonay dia ny hiantoka ny Tetikasa fandrahoan-tsakafo madio sy ny rano madio ho an'ny olona rehetra na manana fahasembanana na tsy manana fahasembanana tsy misy fanavakavahana. Ny fampihenana ny entona karbôrina dia vokatry ny fampiharana ny teknolojia ny rano madio na ny teknolojia fandrahoan-tsakafo madio, ka tsy maintsy afindra any amin'ny SaniTap ny vokatra azo amin'izany fanalefahana izany. Izany dia fepetra hapetraka mialoha ny tetikasa satria ny fivarotana ny fihen'an' ny entona mivoaka dia mamatsy vola ny tetikasa.	No changes to the PoA required as a result of this feedback.
13	RANDRIAMARIARISOA Haja Vololona	17/11/2023	Vitsy dia vitsy no manana rano mahaleotena fa matetika any amin'ny pompy public daholy, lafo ny vidiny nefy tsy maintsy mampiasana satria ny rano no antoky ny fahadiovana tsaratsara kokoa raha eo antokotany mihintsy ny rano raha ho an'ny olona manana fahasembanana mba manamora ny fangalana sy fampiasana azy. Momba ilay "clean cooking", production de granulé, ampianarina ve ny fampiasana azy? ny sarabem-bahoaka ve afaka misitraka azy eo amin'ny fahefa mividy?	There are very few people who have independent water. But usually they all go to the public pump. Although the price is high, we must use it because water is the guarantee of cleanliness. Then it is better if it is in the yard for people with disabilities to make it easier to take and use it. Regarding "clean cooking", about production of pellets, is it taught how to use it ? Can the general public benefit regarding the ability to pay ?	Thank you for your feedback. We aim to ensure our clean cooking and clean water Projects are available to people with or without disabilities without discrimination. Our aim is to ensure all clean cooking Projects are affordable and available to people within the boundaries of the project. Our Project does not currently expect to be supplying new piped water systems into homes though we can understand the need and desire for this. The PoA does not exclude the repair and maintenance of piped water systems, and these will be considered on a case by case basis. We will provide training on the use of stoves to all users and will aim to provide additional support all those with disabilities to ensure safe and effective operation of the clean cooking technologies.	Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao. Ny tanjonay dia ny hiantoka ny Tetikasa fandrahoan-tsakafo madio sy ny rano madio ho an'ny olona rehetra na manana fahasembanana na tsy manana fahasembanana tsy misy fanavakavahana. Ny tanjonay dia ny hiantoka ny Tetik'asa fandrahoan-tsakafo madio rehetra mba ho mora vidy sy ho takatry ny olona ao anatin'ny farity hanaovana ny tetikasa. Raha amin'izao fotoana izao aloha ny tetikasa dia tsy manao fantsona vaovao hamatsiana rano an-trano na dia tsapa tokoa aza ny filâna sy ny faniriana amin'izany. Ny tetikasa dia tsy manala ny fanamboarana sy ny fikojakojana ny fantsona hazahoana rano, ary izany dia dinihina sy jerena isaky ny tranga tsirairay misy. Hanome fiofanana momba ny fampiasana fatana ho an'ny mpampiasa rehetra izahay ary mikendry ny hanome fanampiana fanampiny ho an'ireo manana fahasembanana rehetra mba hiantohana ny fampandehanana azo antoka sy mahomby amin'ny teknolojia fandrahoana madio.	No changes to the PoA required as a result of this feedback.

Event      Programme d'Activités (PoA) pour une cuisson propre à l'eau propre  
 Date      23/10/2023 : 8H00-13H00  
 Location   Hôtel Ibis - Antananarivo

Reference	Name of contributor	Date of feedback	Original Feedback	SaniTap Response in English	SaniTap Response translated into original language	SaniTap Response translated into original Malagasy	How has feedback resulted in a change to the project
1	Lumbie Mlambo	10/11/2023	<p>Regarding the issue of biomass production and cooking stoves, I am strongly of the opinion that we should consider reaching out to reputable cook stove companies that prioritize social impact over profits. Companies that prioritize social impact not only enhance their reputation but also tend to attract increased revenue from customers who appreciate and support their efforts to contribute positively to the world. Customers often prefer to purchase from companies that demonstrate a genuine concern for the well-being of people. Therefore, employing a "Social Impact" strategy could potentially enable us to acquire a substantial quantity of biomass cooking stoves at a lower cost.</p>	<p>Thank you for your feedback. We agree, and are in active communication with suitable cookstove companies with strong social impact credentials.</p>	<p>Merci pour votre avis. Nous sommes d'accord et sommes en communication active avec des entreprises de cuisinières appropriées ayant de solides références en matière d'impact social.</p>	<p>Misaotra anao amin'ny fanehoan-kevitra nataonao. Miombon-kevitra izahay, ary mifandray mavitrika amin'ny orinasa manamboatra fatana tsara ary manana fanamarinana matanjaka amin'ny resaka fiantraikany ara-tsosialy.</p>	<p>No changes to the PoA required as a result of this feedback.</p>